

FANEKENA ANDRAIKITRA

(Engagement)

BOKY AVY @ M.MAURIA nosoratan'i SL

(traduction en Langue Malagasy)

CLEFS DUFUTUR

www.clefsdufutur-france-afrique.fr

Soratra natao ny solstice d'Hiver 2015

22 décembre 2015

Manolohana ahy ianao izao, ka hiharaka hanoratra indray isika

Eto hanatrehako ianao ry SL izay lehibe noho izaho M.Mauria ao anaty ny hazavana lehibe hiakanjonao.

Ianao no ilay KRISTY velona izao ho an'ny zanak'olombelona, ho anay dia ianao ilay zanakavavy ny JESOA izay nofidian'i KRISTY mba ho entina indray hampahafantarana sy hampitana indray ny fampianarana vaovao.

Tsy misy ahiahy mihitsy ao aminao. Tsootra sy mora aminao ny handika ny teny rehetra ao anaty fotoana fohy, izay teniko M.Mauria, izay teny mitondra Hery ho an'ny Fahavononana sy fisainana ny Planina, ho fananganana mialoha ny zavatra rehetra milamina. Eto dia tsy misy fotoana very na dia kely aza, na fotoana ho very. Ny zavatra rehetra dia mivantana daholo raha mbola tafahombona ao amin'ny Planin'Andriamanitra, izay ivelan'ny matiere fisainana ny olombelona, izay ao anaty fahadiovana (purété) Hiérarchique : ilay toerana Masina, ny planina ambony indrindra an'Andriamanitra.

Tsy misy famerimberenana teny, tsy misy fanazavana hatao, afa tsy ny Hery ny Fandresena, ao anaty Fahavononana ny Mpianatra Mpiampinga vonona ny hihakatra (Disciple chevalier de s'élever)

Raha tsy misy Fihakarana (élévation) dia tsy hisy Fifandraisana aminay ? Hiérarchie, tsy hisy fandresena.

Manome izao boky fampianarana izao aho M.Mauria eto ho tohin'ny boky voalohany : Fampianarana mahakasika ny FAHAVONONANA ary mba hanohizana izany mpandrampahafaty an'i SL. Ankehitriny dia misy dingana lehibe vita sy tanteraka, ary izany no mahatonga ny fanampiano M.Mauria ho tena zavan-tsoa sy tsara ho entinareo hiady amin'ny tenanareo sy ny tontolo manodidina anareo eny ivelany.

Tonga mijery anareo aho, tonga manoloana anareo aho mba hafahanareo manana hery handresena ny haizina mandrakotra ny tany hatramin'ny andro voalohany nisian'ny fiainana : ny ady eo amin'ny Masina sy ny Materialy manafotrany fahavononana tsy mivoatra hiakatra.

Ny ady dia hifarana.Ny fandresena dia efa vohalamina, nefa tsy ho terena, tsy afa-manohatra ianareo.

Tonaga aho M.M manantona anareo mba hankahery anareo amin'ny ady hatrehanareo, mba hiaro anareo sy hanazava anareo eo hanoloan'ny rahona mainty, mba hitahy sy hiaro ny Planin'Andriamanitra eo alohanareo.

Ny haizina dia tena matevina tokoa.Ny halina ny haizina dia feno fisintonana, feno fandrika, ary raha tsy misy anay Mpampianatra ny Hérarchie, dia tsy hisy na iray aza kintana eny amin'ny lanitra Ho tazana.

Ka ity boky soratana ity dia ho tahaka ny hafa rehetra, ho eo andoha fandrinanana.Ho fifandraisana izy ity, ho Fiombonanao amiko, miaraka amin'ny Hiérarchie, miaraka amin'ny KRISTY izay mametraka ny Fihakarana(élévation) ho an'ny olombelona – Fanahy mba ho voninahitra lehibe sy ho Fandriampahalemana.

Izao teny voalohany fanolorana izao dia mametraka ny adihevitra ny FANAHY sy ny Fahavononana(volonté) ny Fiheritreretana eo @ fisainana (personnalité).

Ny ANDRAIKITRA(engagement) ao ampon'ny Disciple.Ny Fanahy dia miady mafy mba handresy ny matière ny saïna : ilay sehatra hanehoan'ny Fanahy ny fiheviny.Mamantatra ny feon'ny FANAHIINAO ao amin'ny Fisainanao(personnalité) no tanjona.

Ny fanarahana izany no lohateny ny boky haha-2 : » Ny asan'ny FANAHY », izay tena ny asan'ny Fanahy mihitsy eto an-tany, indrindra amin'izao fotoana sarotra lalovan'ny zanak'olombelona izao.Ary ho faranana amin'ny boky hikarohana ny « FIOMBONANA » na « EQUILIBRE PARFAIT » izany.

Ny zavatra rehetra hosoratana dia hatsangana ao anaty ny Lalàna ny Hery(loi d'Energie), ao anaty ny siansa ny Hery ary tsy hisy teny na note mozikaly – ho safidina amin'ny kisendrasendra izany.Misy fifandaminana tsy ankijanona foana hatao miaraka amin'ny SL avy amin'ny SL ao anaty ny Fiombonana izay mampihavaka anay : ny Planin'ANDRIAMANITRA.Aza misahirana ny hanadihady sy hamakafaka fa raiso sy miombona amin'ny Planina mba hamokatra hery tsara ianareo : mizora ao amin'ny Andraikitra .Ny manaraka dia ao amin'ny faharoa, ny fahatelo dia ny famakiana ny boky, ka hitondra nareo amin'ny fahafantarana ny hevitra fonosin'ny teny ianareo,zavtra vaovao ny heviny ary hampihakatra(élever) ao amin'ny Fiombonana tanteraka ianareo.

Tsy mitovy ny maha ianao hanao isan'andro : ny herin'ny hetsika hataonao sy ny fahombiazana.Janao no tokony handeha mialohan'ny zavatra rehetra, hetsika sy asa maneho fahavononana no hampitahiko aminareo ary SL no manao « adombrement » NY Fanahy Masina KRISTY, ny Heriny, ny Fijoroany.

Efa vonona ianareo ny hihatrika ny Fandresena, izay mihatomboka amin'ny ady mafy amin'ny fiainana materialy ambany indrindra : izay tahaka ny miady amin'ny vy sy zavamaranitra, amin'ny ady amin'ny vatana efa reraka ny loto, pollution amin'ny endriny rehetra, amin'ny kolikoly mandrakotra ny zavatra rehetra amin'izao.

Ny fanampiana dia tena ilaina tokoa.

Ny famakiana ity boky ity dia hanome hery sy tanjaka anao manomboka amin'izao hanoratana azy izao ny taona ary ireo taranaka hoavy dia hanovo ny fampianarana vaovao amin'io avy amin'ny Herin'i KRISTY, ny Fijoroan'i SL dia izy irery ihany no afaka mapita aminareo ireo hafatra sy teny rhetra avy amin'ny Hiérarchie.SL no hany tokana mpitondra teny – sy misolontena anay.tokony ho fantatrareo izany.

Tsy misy afaka hiteny na hilaza fa mpitondra teny an'i M.Mauria afatsy i SL irery ihany, izay misolontena anay Hiérarchie.

Izahay dia maneho ny fisaorana lehibe sy fankasitrahana azy, ary vonona ny hanome sy hanampy azy amin'ny fanomezana ireo fampianarana vaovao, ary ireo fanontaniana izay hapetrany sy tonga ao aminy.

Isika dia tonga eo amin'ny Fampianarana velona izay manomboka miseho amin'izao fahaveloman'i SL izao, ao anaty ny tantara ny zanak'olombelona sy izay rhetra mety filàna mba hafantarana sy handaminana ny zavamisy.

Izany no mahatonga ny 17 taona hihainana ny SL, hanantaterahany ny asa Kristy, ka hiasany manontolo ho an'ny zanak'olombelona, hametraka ny fototra lalina ny Planin'Andriamanaitra, ny lalàna ny Hery ao amin'ny heritreritra ao amin'ny heritreritra miasa ao amin'ny olombelona : la Nouvelle Humanité.

Avy aminy SL,ho anareo no hanoratako, ka manoratra miaraka isika rhetra ao anaty Fiombonana tanteraka ny Hery lehibe roa R1 – R2 ny fahavononana, ny Fahavononana sy Fitiavana.

Ny herin'ny Planin'Andriamanitra dia mitoetra ao amin'ny teny sy soratra ireny, ao anaty ny firindran'ny soratra sy teny ireny, Ny intelligence ao amin'ny Fanahy izay miavaka, ary tsy misy tahaka izany. Tena porofo Masina

Mandehana ry mpianatra

Mba ho tonga aminao ny hery Masina rhetra

Eo amin'ny famakiana ny boky

SL pour MM, 22 décembre 2015

FANDRAISANA ANDRAIKITRA

Maitre MAURIA

Efa nosoratantsika ny teny fanolorana, hanomboka isika

Ho soratantsika ao anaty ny volana iray ity boky ity.

Izay teny ho lazaina eto dia teny lehibe sy manandanja avokoa araka ny endriny, araka ny hery ao aminy, araka ny akon'izany eo amin'ny olona sy ny tany.

Hitondra fanampiana ny hetsika rehetra ity boky ity na ny mifanohitra amin'izany, ka hanapotika ny zavamisy.

2

Izay teny voalaza eto tsirairay, izay hevitra rehetra, ny asa dia fiheverana ny tanjona ho amin'ny FIOMBONANA na ny mifanohitra amin'izany. Tsy misy safidy roa izany. Izay safidy iray safidianao dia izay no izy.

3

Ny Heritreritrao dia andraikitra no dikany, ny personnalité na Fanahy mahaolona, personnalité sy Fanahy mahaolona.

Ianao dia olona miheritreritra ary tsy afaka ny hiala tsiny noho ny tsy fahalalana izay mandalo. Izany no ady hatrehan'ny Fanahy mahaolona eo hanatrehan'ny personnalité-nao. Izany no fitarihana mirindra ho an'ny Mpianatra hiasa ao amin'ny Tompo.

4

Miresaka amin'ny Fanahy mahaolona anao aho sy mampifoha azy.

Manetsika ny heritreritrao amin'ny fanehoana ny Fitiavana aho.

Manosika anao hihetsika aho : hamoha sy hanaitra ny fisainana Masina (mental divin) ho amin'ny fampisehoana ny Fahavononana (impression de volonté)

5

Ny fahavononako dia tahaka ny an'i KRISTY TOMPO, ny planin' ANDRIAMANITRA, ny an'ny HIERARCHIE. Tsy misy mahasamihafa azy ireo, ny haavo ny planina. Manome sy miasa isika ho amin'ny FIOMBONANA Cosmique homme - Tany - Univers.

6

Ny Projet Tany dia asa lehibe Cosmique d'Origine sy foiben'ny Famoronana ny Tany, teo aloha ny système Solaire sy ireo Grand Etre izay izy ireo no Centre.

7

Ny fanamboarana ny olona dia mifanaraka tamin'ny agencement Cosmique, ireo lalàna, ireo diary rehetra. Tonga eo amin'ny fahazoana vokatry tsara ny Planina isika izao satria dia efa nomena ny olombelona avoka ny zavatra rehetra : ny Libération ny Tany, ny Fiarovana sy Fanasitranana ny Tany (Guérison).

8

Ny Tany no vatana velona ho an'ny zavamanan'aina rehetra sy ny olombelona

9

Tsy afaka miasa sy mihetsika isika olombelona raha tsy eo ny Tany amin'izay hataontsika.

Tsy afaka miaina isika raha tsy miombona amin'ny rivotra misy eto an-tany, avy amin'ny no rivotra fohana, avy amin'ny vatany sy ireo singa tsy hita maso (subtils).

10

Ny hita maso sy tsy hita maso dia Iray. Ny iray dia fisehoan'ny iraika avy amin'ny fiheveran'ny iray. (intention de l'autre)

11

Avy amin'ny rythme ny andro no hanorenana ny olona

Aavy amin'ny fahamatorana ao aminao no varavarana hihatombohana.

Avy amin'ny herin'ny Fanahy mahaolona ao aminao izay mandresy ireo mety ho fanotaniana, ireo sakana marobe avy amin'ny sainao.

12

Tsy misy afa tsy lalana tokana ao aminao :Ny teny ny Fanahy mahaolona anao. Teraka isika Fanahy, fa tsy olona ho tonga Fanahy akory.

13

Manana fotoana isika ny hihomana sy hovolavolaina : Hanamafisana ny maha Fanahy antsika avy amin'ireo traikfam-piainana. Ny tsirairay dia samy manana ny sedra ho azy avy. Ireo traikefa dia ilaina sy mahaso avokoa. Ny fahaterahan'ny Mpampianatra (guerrier) dia vita tokoa.

14

Ireo asa rehetra dia ao anaty avokoa (travail intérieur) : miaraka amin'ny fiheritreretana. Tsy misy olona afaka manome anao ny fanalahidy izany. Ny safidy dia avy aminao ireny ihany. Ny Aina dia Fiombonana.

15

Ilaina ny Fiheverana, ilaina ny Fahalalana. Ny Fanahy mahaolona dia fahatsapana izany. Ny Fanahy mahaolona dia mametraka ny manome ny asany, ny fahavononany araka ny Planina izay Fahavononany Mpampianatra ao amin'ny Kristy.

16

La porte est entrebaillée (vavahady ny Fanahy mahaolona). Tokony ho vahana izany. Tokony hamafisina ny Maha Fanahy anao eo amin'ny vatanao.

17

Ny vatana saina ao amin'ny olona dia mifandray mivantana amin'ny atidoha ao aminy ary ny fanamboarana izany dia mihankina amin'ireo vatana ny Fanahy ao aminao (corps énergétique de l'ame) : Rayons na Energies.

18

Ny vatana ny olona dia natao ho endrika hisehoan'ny Fanahy mahaolona azy, ho fampivoarana, ho Fampiakarana .

19

Isika izao dia eo amin'ny fampivelarana ny Planin'Andriamanitra araka ny fisehoany eo amin'ny fiainan'ny olombelona sy ny Tany : ny Hery lehibe ny Fanahy.

20

Ny Rayons ny Fanahy dia tsy miova mandramphatongan'ny Fiombonana tanteraka ao amin'ny Planin'Andriamanitra : l'harmonie

21

Ny Fanahy mahaolona io dia efa manana traikefa be dia be tamin'ny fahafatesana ara-nofa mba hitoetra ho mpanjaka lahy na mpanajaka vavy – tsy misy mahasamihafa azy.

22

Tsy avy amin'ny nofinofy no hanorenana ny Planina, fa tena mifototra manorina mihitsy. Avy amin'ny ady tsy miato mihitsy mba ho tena ao amin'ny Planin'ANDRIAMANITRA, ho iray amin'ny Planina ; MIOMBONA TANTERAKA.

23 – 24 Décembre 2015

Tsy misy izay tsy ho voasoratra ny Planin'Andriamanitra.

24

Efa fantatra mialoha avokoa ny zavatra rehetra ary omena anjara vitana indray ianareo, afaka hisafidy indray amin'ity.

25

Nosoratana indray ity boky ity amin'izao fotoana hanomezana najara vitana vaovao anareo izao, indrindra ho an'ireo izay mbola taraiky amin'ny fanapahan-kevitra ny amin'ny Fihakarany (élévation de l'Âme), ny amin'ny fahamatorana eo amin'ny traikefa.

26

Misy anefa ny fetra eo amin'ny Herim-panahy : olona manana Fanahy mahaolona velona, vonona amin'ny fotoana ilàn'ny Tompo azy , araka ny Planin'Andriamanitra.

27

Isika izao dia efa tonga eo amin'ny fotoana Farany.

28

Miresaka amin'ireo Fanahy rehetra efa tafiditra ny varavaran'ny Fiaianana Hoavy aho ankehitriny.

29

Izy ireo dia efa nanana ny Hery nanokafana ny vavahady Fiaianana.

30

Manome aziy ireo ny Herin'ny Fahavononana aho mba hanangana ny Hoavy

31

Tsy tokony ho raisina ankamorana anefa izany

32

Ireo hafatra sy teny rehetra avy amin'ny Maitres dia efa fanomanana anareo avokoa

33

Izay rehetra tsy mandray hery sy tanjaka avy eto anilako dia tsy afaka handresy mihitsy amin'ny ady hatrehany.

Isika izao dia tena ao anaty ny adi-tsaina izay mihoatra ny tokony ho izy, ary hitantsika izany amin'ireo ady hitamaso ankehitriny.

Ny fahazoana ny tanjaka ara-tsaina, dia mitrika ny fifehezana ny Tasara na ny Ratsy. Eo no hisian'ny ADY.

34

Hiresaka ny ahiahy isika (doute)

Izay rehetra ahiahy na dia kely fostiny aza ao aminao mikasika ny teny sy ireo hafatra avy amin'ny clefsdufutur, ireo teny omen'i SL, ireo Planin'Andriamanitra sy ny fanorenana izany ao anaty ny asa lehibe napetrak'Andriamanitra

sy ireo rehetra Mpanompon'i Kristy, hatrany an-danitra ka hatramin'isika izao sy ireo Maitres : ary isika dia ho very, ireo zavatra mampifandray amin'i Kristy, ireo fiarovana Masina. Ho lasa olona miaina tsy manana Fanahy mahaolona isika. Ho voafafa sy voaroaka ny vavahady ny fiainana miaraka amin'Andriamanitra, sy tsy hahita ny fiainana Hoavy.

35

Tonga eto aminareo aho miarka amin'ny hery lehibe, izay tsy mitovy amin'ny Hery lehibe an'i Kristy, mba hanome anareo ny fanalahidy ny lalàna hizorana.

36

Avy amin'ny Fanekena tanteraka ny Planin'Andriamanitra no hafahanareo mandresy amin'ny ady rehetra miseho maerana ny tontolo hiainanareo eto an-tany : ara-tsaina , émotionnelle , ara-nofo

37

Efa ao amin'ny Fandresena ianareo ao amin'ny tenanareo, matière ara-tsaina, satria efa mamaky ity boky ity nosoratako ity (M.Mauria)ianareo.

38

Efa nahavita nadresy ny fihetsem-po ianareo (émotionnelle).

Tokony hanamafy ny ady hataonareo ianareo, eo amin'ny asa hatao isan'andro ary tokony hitohy mandrakariva ao amin'ny FIOMBONANA amin'ny KRISTY- Ireo MAITRE - Ireo DISCIPLE CHEVALIER (Mpianatra Mpiampinga).

MIOMBONA miaraka amin'ny SL ianareo, izany dia mametraka izay rehetra fifandraisana.

Efa eo aminareo ny Lalàna : Ny ASAN'NY FINOANA izay avy amin'ny KRISTY nomena an'i SL tamin'ny fanokafana ny lalana voalohany : ny 16 janoary 2009, izay manaraka ny diary sy daty cosmique, la Loi des Energies.

39

Hiverenatsika ny Fanekena Andraikitra :

Aiza hi aiza ny misy ny fahavonana ao aminao ? eo amin'ny inona no hitoerany ? Aiza no misy ny anjara toerana ny faniriana sy ny fahavononana madio ao aminao na ny Fanahy mahaolona anao ?

40

Tsy afaka handroso mihitsy ianao avy amin'ny alalan'ny Faniriana izany.

41

Tsy tokony haneho Faniriana izany mihitsy ianao

42

Ny Fahavononana dia Fahafahana eo amin'ny tanjaka ny Fanahy mahaolona.

43

Tsy afaka handresy ny fiainana Materialy ianao raha mbola manana firaiketem-po (attachement).

44

Efa niaina izany ianao tamin'ireo fiainana lasa rehetra nahazonao traikefa marobe (incarnations passées)

45

Hiainanao izany amin'ny lalana hizoranao ny amin'ny Hoavy.

46

Rehefa miteny hoe : tsy misy intsony izany anjara vitana fanindroany izany – ary ianao dia efa niaina izany taloha – eo hanatehan'ny tantara ianao izao mifanatrika amin'ny zavamisy marina, ary tsy misy firaiketam-po (nu de toute attachment) eo amin'ny lalana hizorana.

47

Ny AMPINGA(Epée) dia nomena anareo satria ianareo dia mifanatrika amin'ny marina : tsy misy firaiketam-po intsony (nu de toute matière).

48

Avy amin'ny Famirapiratan'ny Fanahy mahaolona no manome Hery sy Mampirehitra ny Hazavana, ka manova ny Matière ho Feno Fahamasinana.

49

Ny tanjona ny FIOMBONANA dia tsy miova.

50

Fahavononana sy Fiombonana eo amin'ny Tanjona : KRISTY Lavorary, Olona – Masina, Olombelona – Andriamanitra(homme-Dieu).

51

Kristy dia mampiseho sy mitondra antsika amin'ny lalana.

Nanome antsika ny zanany izy, ny zanany lahy JESOA, sy SL.

Anjarantsika no manatanteraka ny asan'ny Fanahy mahaolona : mankatoa sy manaraka ny teny rehetra izay mampianatra antsika sy mitarika antsika.

52

Izay rehetra asa Masina dia manorina ny Planin'Andriamanitra sy ny olombelona mankany amin'ny Fiombonana izay notadiavina hapetraka.

53

Tanisao sy jereo ireo asa Masina nahorin'i SL, nataony sy nomena avy amin'i SL.

54

Izahay Maitres no nihatombohany, ilay coupe lehibe nipohiran'ny zava-tsoa, ary SL no fatsaka lehibe iray mizara sy manapariaka izany ho an'izao tontolo izao.

55

Inona no nataonao nandritra izay taon amaro izay ?

56

Ahoana no fomba fihomananao tamin'izany ?

57

Manana fotoana ianareo hanatanterahana ny fifandraisana « alignement » amin'ny Planin'Andriamanitra avy amin'ny Plan ny Fanahy mahaolona anareo ao aminareo.

58

Efa nosarahana tamin'ny fianana amin'izao tontolo izao ianareo (écorcés de la matière) alohan'ny hampifohazana ny heritreritra ao aminareo ny amin'ny maha Fanahy anareo ka hahenonareo ny « voix de l'ame »

59

Ny Fanahy mahaolona anareo no hitarika sy hitantana anereo eo amin'ny Planin'Andriamanitra.

60

Ny Fanahy mahaolona dia tsy miresaka afa tsy ny Planina, ny Loi de l'Univers, ny tenin'i Kristy.

61

Satria efa manana mpitarika ianareo, ny fanalahidy rehetra, noho izany dia anjaranareo no manamafy ao aminareo ny fionoana sy manatevina izany.

62

Izaho dia tonga eto hankahery anareo, hanamafy horina ny maha Mpianatra Mpampinga anareo, ilay humanité vaovao.

63

Izay asa rehetra hatao ao amin'ny Kristy dia mapihakatra ny herim-panahy avokoa, izay rehetra teny rehetra hatao dia fananganana sy fiheritreretana ny hoavy avokoa.

64

Izay rehetra voasarika ny hamaky ity boky ity sy hampihatra ny Loi des Énergies dia tsy hisaraka amiko (M. Mauria) mihitsy.

65

Hijanona mandrakariva ao amin'ny « aura » ny Maître izy ary hihakatra ny herim-pahiny.

66

Tokony hisotro ny loharanon'aina Kristy isan'andro satria dia homena anareo izany.

67

Ny fahafantarana ny halehiben'ny Fanomezam-pahasoavana : teny avy amin'ny Fanahy Masina, Intelligence du Cœur, manakaiky ny fahafahana tanteraka amin'ny fiainana materialy.

68

Izay Mpianatra (chevalier) dia tsy miverina instony miaina ety an-tany raha toa izy ka Miombona tanteraka amin'i KRISTY rehefa Maty.

69

Izay rehetra mpianatra (disciple) dia mianatra ao anaty ny ady ny tsy hiaina afa tsy amin'ny Fo madio, avy amin'ny heritreritra ny fiombonana amin'ny Kristy izay tsy ho azo fafaina ao aminy.

Araka izany, raha maty izy, hody ho vovoka ny vatany, fa manana ny fifandraisana amin'ilay mandrakizay izy anefa :

Tsy misy afaka ny hihazona azy tsy hanaraka ny Tompo.

Miantso sy miteny ny anaran'i KRISTY izy. Miantso ny Ampinga izy (l'Épée).

70

Ny fahafantarana ny tantara an'izao tontolo izao no asa voalohany : mamaky sy mandalina izay teny sy hafatra rehetra.

71

Ny fisehoan'ny Planin'Andriamanitra ho anreo dia fihakarana ny Fanahy mahaolona ho anarco.

Tsy tokony ho hatao hatsirambina ny fotoana, manandanja avokoa ny zava-drehetra ho fampitomboana ny hery,ao amin'ny Fananganana ny hoavy.

Ireo tsirim-panan-tenana vaovao rehetra dia mipoitra daholo eto an-tany tahaka ny zaridaina andro ririnina ao amin'ny SL.

25.12.2015

Mikarakara ireo voronkely ianao.Manome rano ireo zavamaniry ianao.Izahay dia efa vonona.Ireo voronkely rehetra dia tafiditra ao amin'ny Hafaliana sy haravoana ao aminao.Hiresaka isika, hiverina amin'ny tohiny boky isika.

72

Ny fifandraisana eo aminao SL sy ny Natiora no fifandanjana (équilibre) ao aminao.

73

Tsy afaka ny hiresaka mihitsy ianao raha toa ka ny natiora manodidina anao maty sy mijaly ka nefa ianao dia afaka manasitrana izany.

74

Ny zaridaina tsy misy Aina, dia midika fa vatana tsy misy Aina koa izany , izay midika fa ianao koa dia tsy misy Aina.

75

Izay zavatra rehetra mahazo ny Tany dia avy amin'ny asa nataon'ny Olombelona avokoa.

76

Ny fampiharana ny lalànan'ny « Loi d'Energies » sy ny Fampitandremana : ny daty Cosmique.

77

Ny Ora Fitsarana dia mahaso ny zanak'olombelona. (l'heure du Jugement)

Hanavotra ny Tany sy ny olona, ny zanak'olombelona izany.

Izay rhetra mandà izany dia tsy miaraka amin'Andriamanitra

78

Ny akon'ny Hafaliana sy Haravoana dia tokony hanakohako tsy hitsahatra mihitsy.

Izany dia ny « vibration Divine », ilay fifandraisana eo aminareo.

79

Tsy misy afa tsy lalàna tokana ho an'ny rehetra.

Tsotra ny zavatra rehetra. Miasa ao anaty ny Fahatsorana sy Fahamendrehena isika « œuvre dans la sobriété ».

Ny zavatra rehetra dia fitohizana sy fifandrindrana daholo sy fifanohizana – fihampitan'ny Lalàna ny FIOMBONANA (loi d'Unité)

80

Hanavotra ny Tany isika sy ny olombelona ho an'ny Hoavy avy amin'ny FITIAVANA, avy amin'ny FAHAVONONANA, avy amin'ny Lalànan'Andrimanitra.

81

Ny Lalànan'ny Univers dia Tenin'i KRISTY.

Iray ny zavatra rehetra.

82

Ny Fiombonana avy aminareo dia Equilibre ao aminareo. Ilay TELOIZAYIRAY.

83

Ny fahafahana dia teraka avy amin'ny Equilibre.

84

Ny fahafahana dia conscience libre. Avy amin'izany no hiasan'ny Famirapiratana.

Ny vatana rehetra (vatana nofo, saïna, fo, fanahy) dia mora mandray sy hidiran'ny FAHAZAVANA.

85

Ny Fiombonana dia Famirapiratana. Tsy misy fetra ny fitaran'ny Fahazavana.

Rehefa mahatratra izany dingana izany ny Disciple Chevalier (mpianatra mpiampinga), dia tonga ho tsy handrairan'ny fahalovana sy ny haratsiana intsony izy, ary lasa Mpianatra mahatoky tanteraka miaraka aminay izy ka tsy hiverin-dalàna intsony.

Izy ireo no mpitarika ny zanak'olombelona, ilay Mpampiobona ny Fanahy mahaolona rehetra ho an'ny Groupe ny zanak'olombelona, any amin'izay misy azy ireo.

Tsy mikatsaka Voninahitra na laza akory ny hanaovan'izy ireo izany

Tsy miaina ny mety ho fomba fiainan'ny olombelona izy ireo fa miaina ao anaty FIAINANA MAFY sy SAROTRA ny CHEVALIER (la vie dure des Chevaliers).

Avy amin'ny FAHAVONONANA ao anaty FITIAVANA TSY AZO SARAHINA no MITANTANA azy ireo.

Raha tsy eo ny FAHAVONONANA, dia tsy mahavita inona izy ireo.

94

Miteny aminareo aho ny Energie ny Fahavononana, izay Energie lehibe ny Univers Fahatelo, satria ny Faharoa izay misy antsika dia efa tafaombona ao amin'ny Fahavononana ao anaty ny Fitiavana.

Ny « Univers Fahatelo » dia teny malalaka hilazana amintsika fotsiny satria dia mbola sarotra aminareo ny mahatakatra izany. Izany dia fanazavana ny endrika ny Planin'Andriamanitra.

95

Ny Energie ny Fahavononana dia tena matanjaka, vitsy ny mbola vonona ny hiaina izany ao anaty fitoniana. Ny tantaram-piainan'i SL dia mampiseho izany. Izany no tanjona sy vahaolana ny Planin'Andriamanitra.

Naoty : mireska ny Energie 1 (R1) isika eto , izay ilay Energie ny Etre Divin, ilay Fanahy Masina lehibe (Monade) mitarika sy mitondra ny Fanahy Mahaolona antsika.

96

Misy aminireo Disciple no mipetraka eo amin'ny seza, mitoetra ve izy ireo ? mifoha ve izy ireo ?

Raha tongan y fiantsoana, ho hadinon'izy ireo ny hiantso ny Ampinga fanahazavana Kristy (Epee de lumière), sy ny hiombona ao amin'i Kristy.

Tsy mbola tongany ora ny « hanana finoana fa efa vonona daholo ny rehetra ».

97

Tokony manangana isan-tsegondra ny Planina ao anaty ny Energie ny Planin'Andriamanitra.

98

Tsy ny fahombiazana ara nofo ny tadiavina sy manan-danja akory amin'ny zavatra hataonareo, fa ny fihezahana tsy ankiato hataonareo mba hampijoro ny F'nanganana ny hoavy ao anaty ny Planin'Andriamanitra.

99

Ny tafiotra mahery dia ho avy ary ho mafy izany ka ny ady dia tsy hitsahatra raha tsy Voafafa tanteraka eto an-tany izay rehetra lasa ratsy teo amin'ny zanak'olombelona tsy manana hoavy eto an-tany.

100

Tokony miomana amin'ny Ady izany ianareo : ny Tanjaka sy Hery dia ao aminareo mba handresenareo ireo Fahalotoana sy tsy fahadiovana.

101

Aza mitady daty ny hatongavan'izany ianareo fa mandehana mandroso amin'ny lalana.

Ny valin'ny asa hatao dia hoavy tsy miandry fotoana.

102

Ny Fanekena Andraikitra dia tsy kajikajy, fa asa ao anaty FINOANA.

Ny Fanekena Andraikitra dia fanalahidin'ny FANASITRANANA ny Tany, sy ho Fanafahana azy, sady Fanafahana anareo koa.

Inona izany hatao hoe Fanekena Andraikitra eo hanatrehan'ny olona ?

26.12.2015

103

Izany dia Fiainana ny Mpiampinga (Chevalier), ny disciple ny Kristy, ny fiainana aram-panahy, ny Heritreritra Masina avo indrindra : Ny fatora ny Fiainana.

Tsy misy fomba hafa hafahana manantona an'Andriamanitra. Mivonona ianareo amin'ny fananana FINOANA, mahaiza miaina ao anaty ny FANETREHANTENA ao anty hafaliana sy haravoana miaraka aminay.

104

Mivonona ianareo hiarka amin'ny FAHAVONONANA miarka aminay. Milomanosa sy mahaiza mogoka ny FITIAVANA, ilay FITIAVANA AVY @ KRISTY.

105

Avy amin'i KRISTY no hafahanareo mandresy ny ratsy rehetra.

Tsy mitovy ny fitaovana entina miady. Aza mahatoky ny zavatra hitamaso ara-nofo sy materialy.

106

Ny Energje ny Fanekena Andraikitra no varavarana, avy amin'ny Fahavononana.

Ianareo no tomponandraikitra ny Hoavinareo tsirairay avy.

107

Izay rehetra manana FINOANA ao anaty ny Planin'Andriamanitra dia manana hery entina HANDRESY.

Ny FITSAPANA dia voasoratra isaky ny mifoka rivotra ianao.

108

Ny fifohana rivotra masina miaraka aminay (mpampianatra miaraka @ Kristy) no miaro sy miambina anareo amin'ny Fahalotoana sy ny Ratsy.

109

Aza mety holotina ao anaty fahotana sy haratsiana ianareo, ny tontolon'ny olombelona.

Miombona ianareo aminay ao amin'ny Hierarchie, manomboka ny vao mangirandratsy ny andro mandrampahariva ny andro, ny alina manontolo mandramaraina.

Ny miaina fifohana ny rivotra ny Planin'Andriamanitra tsy miato.

110

Izay mitondra ao amin'ny Fiombonana, dia hery ho anareo, ilay fitambarana ao anaty ny Hazavana, ny Fitiavana ao aminareo ho an'i Kristy mandrampahafatinareo (fahafatesana ny vatana).

Ny FITAMBARANA AO @ HAZAVANA dia miboiboika avy amin'ny fipetrahanan'ny FIOMBONANA TANTERAKA.

111

Ny Energje ny KRISTY dia firavoravohana avy amin'ny fifaliana sy haravozn, ilay Masoandron'ny Fitiavana tsy manampetra, ilay fisehoan' i Sirius HOMENA NY Tany, ho an'ny olombelona izay mihakatra sy mivotra ny

Fanahy mahaolona azy miaraka aminay.

112

Tsy afaka ny handresy ianareo raha tsy misy firavoravohana avy amin'ny Finoana, raha tsy manana Fitiavana miseho eo amin'ny Kristy ao amin'ny Planin'Andriamanitra, amin'ny asa rehetra hataon'ny olombelona.

113

Ny tohatra hihakarana, maro ny dingana handalovana, misy ny lalàna tsy azo hidiviorana, ny valin-kafatra dia tsy misy hindra-fo.

Ny tohatra hihakarana sy hivoaran'ny fanahany mahaolona dia dia tsy manampataperana, ireo dingana maro samihafa sy sedra mahamay eo amin'ny fiainana materialy dia ho vodingana haingana. Tokony handalovana anefa izany lalana izany ka hovitaïna. Ny rindrina ny Hazavana no hiarao anareo amin'ny Fanekena Andraikitra amin'ny Planin'Andriamanitra mankany amin'ny fandresena ao anaty ny FINOANA.

114

Tsy azonareo hatao tsinotsinona ny Fihaviana Masina ao aminareo.

115

Ny Afon'ny firavoravohana dia porofon'izany fifandraisana izany ao anaty ny ady hatrehana, fitsapana sy fahafahana.

Tsy irery akory ianareo,, fa ny vahoakan'ny Kristy rehetra no mitraka sy mihakatra hiady.

116

Ny Hery dia avy amin'ny Fifandraisana , ny firaiketam-po amin'ny Planin'Andriamanitra, ilay fototra ara-panahy : FIOMBONANA amin'ny KRISTY.

SL dia mampiseho izany amin'ny fianakaviana Masina, avy amin'ny taranaka mivantana an'i Kristy Jesoa SL.

Isaky ny fofonaina avy amin'ny fiaianany dia fampianarana. isaky ny teny omena antsika dia Fiombonana amin'ny Kristy.

117

Tokony ho hamafisina tsara aloha alohan'ny fanekena andraikitra, manangana trano ny Afon'ny Fahamasinana ao anaty alohan'ny hifehezana sy hampiasana ny Energie.

118

Ny Fanekena Andraikitra dia dingana hihakarana. Tokony hafantatra sy hazhay ny hisidina, tahaka ny voromahery eny antendrombohitra, mampikopaka ny elatra sy hihakatra ambony ao amin'ny tendrombohitra « Mont Billat ».

119

Rehefa mahatratra sy mahazo ny fanambarana – ny FO mamirapiratra – ianareo dia tsy hiaina intsony ny fiainana materialy izay handairana kolikoly fa hiaraka aminay, ao amin'ny avo indrindra.

Eny ambony eny ny Fahavononako no miandry anareo amin'ny tanjaka sy heriny lehibe sy hanampy anareo.

Tsy misy ny maha samihafa, mitambatra ho iray avokoa ny rehetra ao anaty ny Energie ny Fitiavana, ny Energie rehetra (Rayons) ao amin'ny Planin'Andriamanitra, ny Fiombonana, ny Lalàna.

120

Aza maniry ny hanao ahy ho toy ny sampy (idolatrie). Tsy misy afa tsy SL irery ihany no manokatra ny lalana ho anareo. Ny ampinga (épée du feu divin) no mifehy ny fifandraisana, famintinana sy tanjaka.

121

Ny Fanekena Andraikitra tsy misy Ampinga (épée du feu divin) dia tsy mety, mitarika tsy fahombiazana sy faheresena, fihenjerana - fahapotohana.

122

Fantaro fa tokony hatambatra daholo ireo pièce ny Planina ao anaty ny segondra fohy, ao anaty asa iray.

123

Ny heritreritra tonga asa no mitondra mankany amin'ny fandresena, ny asa no managana ao anaty ny science des Energies ka mampiombona anareo - ny rythme, ny fotoana sy volana, ny lahatra ny olombelona, ny tsiny sy tody (karma).

124

Miaina ny Lalàna ny Fiombonana dia fanekana andraikitra eo hanatreahan'ny olombelona.

Tsy afaka miaina miaraka ny Lalàna sy ny Fahalotoana ianareo. Tsy maintsy mampihantra ny « tsy mandefitra amin'ny rasty na kely aza ianareo » - « sans concession ».

125

Ny Fihavian'ny Mponina avy amin'ny ilabolan-tany avaratra, vahoaka ny Etoile polaire, dia manana tanjaka ny hampiahatra, ny hiaina eo hanatrehan'ny rehetra, miaraka amin'ny rehetra.

126

Manangana ny taranaka olombelona vaovao isika izao amin'ny Fanekena Andraikitra ny Vahoaka ny Etoile polaire, ireo Disciples Mpiampinga, ny Discipleko izay efa vita sedra ho an'ireo izay efa manana tombony lasa aloha sady ireo izay tena manakaiky an'i KRISTY, sy SL.

127

Tsy hanamboatra tany vaovao akory isika amin'izay vaovao nefa tsy manana fihaviana akory.

Miainga avy amin'ny tena fototra fihaviana ny vahoaka ny tany sy hamerina sy hilaza ny marina, ny tanjona ao anaty ora ny alignement cosmique.

128

Handray ny hery fototra ao anaty ny firavoravohana ny F'inoana ianareo : ny maha vahoaka ny ilabolan-tany avaratra anareo.

Ny Ampinga (épée du feu de lumière) no fiadina ny F'anekena Andraikitra, ny varavarana hidirana, ny fahafantarana ny fihaviana.

Ny Ampinga fahazavana (épée du feu de lumière) : ilay amboara hoan'ny F'andresena.

F'antaro ny fanetrehantena hasehon'i SL eo hantrehan'ny Planin'Andriamanitra.

27.12.2015

130

Hiresaka ny heritreritra ny Planin'Andriamanitra isika.

Tsy nahazo fampianarana ny tantara Masina ianareo tamin'ny fanabeazana azonareo teny an-tsekoly, fa nefa kosa ianareo eto akaikin'i SL.

Ny ampahan'ny T'ahan'ny heritreritran'izao tontolo izao no mitoetra ao aminareo.

Ianareo dia voavolavola ao anaty ny alokan'ny hazavan'ny tany (aurade la terre) sy ny lahatra hizorany.

Nahazo ny mémoire ny tany ianareo avy amin'ny fihaviana Masina, Angélique, ny lasa sy ankehitriny ao aminareo.

131

Ny Hoavy dia ho voasoratra avy amin'ny F'ihakarana ny « Règne ny Homme-dieu anireo Disciple ny Kristy.

Kristy no mitari-dalana.

132

Tsy afaka hiady amin'ireo olona tsy manana mémoire ianareo, tsy manana F'anahy, tsy manana ny lasany. Ny heriny rehetra dia Materialy avokoa miaraka amin'ny hetezerana tsy roa aman-tany.

Hatsangano ny Ampinga fahazavana (épée du feu de lumière) ary miaina ao anaty fahanginana.

Miasà ho an'ny Planin'Andriamanitra eo ambonin'ny olona rehetra.

Tsy hisy afaka hiady na hanafika anareo . Tsy misy toerana hoan'ny Hetezerana intsony.

Ny FAHANGINANA dia mahery lavitra noho ny HATEZERANA.

Miaro anareo ao anaty ny fampiharana ny asa ara-panahy, ny fiainana mavitrika ao anaty ny Planin'Andriamanitra.

133

SL dia manao formation foana tsy mijanona. Izay rehetra tenina androany dia tsy toy izany intsony ny ampitso.

Ireo Anjely dia mijery sy mitahy lalandava, manaraka ny zavamiseho ny zareo (adaptation)

Ny fiovana eo amin'ny Planina dia mateitika araka ny zavamisy.

Ny saina dia tsy mipetraka fotsiny izany. Mamorona ny saina, mandray fepetra izy eo amin'ny fahazarana.

Ny fahazarana rehetra dia mampaharitra ny fotoana ny fahamatorana ary manahirana ny mandrava azy. Ny tsy firaiketam-po (détachement).

134

Hatramin'ny fahazazany SL dia efa nomanina hihatrika fiovana foana.

Ny fanofanana azy tamin'ny tsy firaiketam-po dia nanafaka azy tamin'ny zavatra madinika.

Ireo Anjely no mitahy sy mihahy azy, manavotra azy amin'ny sarotra, mandamina sy mandravina ny fitsapana sy sedra mahazo azy.

Ny valiny dia Fisaorana lehibe (gratitude).

135

Ny fifandraisanareo amin'ny Anjely, ireo anjely marobe, dia laharampahamehana

Izy ireo ny mpialoha lalana anareo, anisany iray amin'ny tenanareo ao amin'ny fahadiovana tanteraka.

136

Ny Intuition (feon'ny Fanahy maha zanak'Andriamanitra ao anaty) dia feon'Anjely velona izay ny heritreritrao no mandray azy rehefa mahatandrina ny fahadiovan-tsaina inareo 24h/24h.

137

Tsy misy toerana ho an'ny kolikoly sy ny ratsy rehetra amin'izany.

138

Izay rehetra manavotra anareo, dia ny Fahavononana ny hiarka sy hiaina miaraka aminay Olo Masina – Mpmpianatra miaraka amin'ny Kristy mampiseho ao anaty ny fiainam-panahy, au amin'ny foiben'ny Hiérarchie Planétaire, le Soleil du Billat na ny Point de Ralliement.

139

Mampianatra anareo ny Planin' Andrimanitra aho, amin'izay azo hamintinana azy araka ny fotoana ny hafahako mampiseho izany,ianareo no manome ny Energie-ko,ny Heriko sy ny Tanjakan'i Kristy avy amin'ny SL.

140

Ny anarako dia hanakoako ao aminareo,ho fatantrareo sy nahazatra anareo avy amin'ny boky soratako taloha nanomanana ny fiverenan'i Kristy ankehitriny, ny Fijoroan'i SL .

141

Ny Point de Ralliement.

Io no toerana misy ny Ampinga fahazavana (Epée du feu de lumière,ilay varavarana ny Hiérarchie Planétaire,ny foibe matanjaka indindra hipoiran'ny Energie fandresena, ny Herin'i KRISTY.

142

Ao amin'ny Château Fitiavana, ilay rova voaharo,tsy misy tokony hampiahiahy anareo .

Mianara ny Hampihakatra ny herim-panahy ao aminareo sy hitazona izany.

Ny fisainana ao aminao mba tsy hidna ambany amin'ny hevitra diso,ratsy intsy.Izany dia asa hatao ao amin'ny Fomba fiainana (respiration).

143

Tsy misy famindram-po amin'ny hevitra diso sy ratsy mihitsy eto.

Ao amin'ny Fisainana ambony (Masina sy marina) ihany no afaka mamaha olana ny zavatra manahirana rehetra.

144

Izay rehetra mety ho fahasahiranana na olana dia endrika ivelany sy mandalo ireny.Tafiditra ao anaty ny Planina ireny, ny ady amin'ny fiainana ara-nofo, materialy.

Antsy ny Ampinga afahazavana (épée du feu de lumière) mba hanala izany fahasahiranana izany.

145

Manana ny hery avy amiko ianareo, ny Ampinga fahazavana, ny paik'ady, SL dia eo akaikinareo.Inona indray no mbola ho angatahinareo ankoatra izany ?

146

Ny asan'i KRISTY no hatongavana sy hisehoana izao.

Aza miandry azy ianareo

Efa nanome ny asany ho anareo izy tamin'ny Fitiavana izy mba ho Fanekena Andraikitra amin'ny asa izay ho hataonareo.

28.12.2015

147

Ny heritreritra ny Planin'Andriamanitra dia tsy ho azo raha tsy eo ny heritreritra rehetra.

Ny rehetra izay Iray ihany – ny Iray ao amin'ny Rehetra ihany sy ny kely indrindra sy halehibeny ny Homme-dieu eo andalam-piforonana.

Ny lalana dia efa voafaraitra, efa misokatra ny lalana ankehitriny eto an-tany, ho an'ny olom-baovao.

148

Manavaka ireo olona manana Fanahy izahay, mampihakatra sy mampivoatra ireo Olona manana Fanahy rehetra izay fantatray sy tsapanay fa eo akaikinay sy miaraka aminay izahay, ireo mendrika sy vonona ny hivoatra sy hihakatra.

Izahay, izahay Hiérarchie Planétaire, ilay zanak'olombelona voalohany tonga hommes-dieux afaka mampiseho ary Kristy no lehibenay, ilay Andriamanitra ho anay Disciples eo akakiny : Mpampianatra hendry 7 (7 Maitres de la sagesse) tarainy indrindra.

149

Izahay no modely ary SL no mpampi fandrahy izay velona ka afaka mampitohy ny fifandraisana am-panahy sy ny asan'ny Planin'Andriamanitra. Raha tsy misy an'i SL ny Energie an'i KRISTY dia tsy hisy ny fototra hafahana manaparitaka ny fampianarana sy ny hazavana hamirapiratra sy hiasa.

150

L'homme-dieu dia mandalo ny fiainana materilay eto an-tany homme-terre mba ho afaka hohanonina.

Ianareo rehetra dia sombipitik'afao Masina ny Hiérarchie ary ny andraikitra dia lehibe ka tokony ho fantarina tsara.

Ianreo dia hiatrika avy hatrany ny Marina, ny Loi des Energies : fantatro, miasa na miditra ao anaty ny programme mifanohitra : tsy hanao ny asa aho.

151

Ny Heritreritra ao amin'ny Planin'Andriamanitra dia fijery maranitra tahakany an'ny Voromahery (aigle) ka izay rehetra lalovany sy hitanny dia tsy misy afaka miala, any na dia ny madinika indrina aza hamantaran azy.

152

Raha fehezina dia mandeha amin'ny lalana mazava sy mahitsy : Planina tena matipaika, isaky ny hetsika izay hatao, sy ny heritreritra mitodika amin'ny vatana .Ny toe-tsaina manao mission dia tafiditra ao anaty ny Personnalité.Ny Lalàna ny nécessité dia tena azo tsara.Ny Planina dia mandeha aloha arakaraka ny fandaminana tsy mijanona ny matière, sy ireo manodidina.

153

Ireo olana sy sakana rehetra dia tsy ho hita mihitsy.

Hijery manokana ny traikefa an'i SL aho mba hafahako miteny.

Ny sakana sy fihatoana dia ho lasa fanampiana, efa fantatrareo ve izany ?

154

Mizara ny hamantatra ny heviteny.Ny codes sy ny fononteny miafina dia mifanohitra.

Tsy misy hafa tsy ny Unité no hafantarana ny dikany sy ny heviny rehetra hatramin'ny farany.

155

Manana ny fahaizana ny hamantatra ny tena ilaina sy manandanja rehetra avy amin'ny « esprit de mission ».Avy amin'izany no hitondran'ny feon'ny bitsibitsikin'ny Fanahy (intuition) anao hahay hisafidy.Safidy mivantana ao anaty ny fahamaizana (urgence) na tena vohevitra tsara no ilaina,ny Fanahy mahaolona dia mampiseho ny fiainany eo aminao amin'ny fanapahankevitra aingana hasehony ara-drariny.Izany no fitsapana eo amin'ny lalàna,ho fanavaozana.Ny Maitre dia miahay sy mandinika ny zavamisy.

156

Izay rehetra fanerena mihantra amin'ireo Disciple, amin'ireo corps subtils dia tokony hianarana daholo.

Tokony ho fakafakaina tsara izay rehetra mahakasika ny antsipirihany amin'ny zavatra matière.

157

Ny ady sy tolona dia tena henjana tokoa ho an'ireo manakaiky an'i KRISTY.

Isika dia eo AFOVOANY Planin'Andriamanitra.

Isika dia tonga eo amin'ny « Fitsarana Farany » na « Jugement Dernier »

Ilay andro Hiverenan'i KRISTY indray ao amin'ny Fieheritreretana'ny olona (les consciences), ao anaty ny fiainana,ao anaty ny Loi sur Terre.

158

Ilay Ady farany, ho fitsapana ireo Mpiampinga Kristy (chevalier de Christ) ho an'ny zanak'olombelona vaovao (Nouvelle humanité) : ireo Anjely – Fanahy mahaolona – miverina ao amain'ny Fahadiovana tanteraka sy mampiaina indray ny fifandraisany sy fiombonany amin'i KRISTY : Ny RAY.

159

Ny ady dia natokana ho an'izay » Marina sy ara-drariny », ho afaka tanteraka amin'ny kolikoly sy ny fahalotoana, ao anaty ny fandresena ny matière (fiainana ara materialy), eo amin'ny fiainany, ho amin'ny Planin'Andriamanaitra.

160

Ny fijoroako, izaho Maitre Mauria, izay fototra ny Hiérarchie Planétaire izay manampy an'i Kristy ho mpanelanelana miarka amin'ny avo indrindra, sy ho an'ireo Fanahy rehetra velona sy teraka eto an-tany, ary ianareo.

161

Voafatotra ao anaty ny harona lehiben'ny matière ianareo, tsy misy ho afaka ao anatin'izany ianareo raha tsy misy ny Famonjena sy fidiran'ny Herin'ny Fanahy Masina : ny Heriko.

162

SL no mpanelanelana ny Herin'i Kristy sy ny R1, Mivantana avy amin'ny Seigneur du Monde ary ny Zanany. Ary LM izay Miombona tanteraka amin'ny SL, mananelana ny Energie ny Fahavononana ao anaty ny vatan'ny Fitiavana ny SL, ilay vatana hipetrahan'i KRISTY ankehitriny.

163

Ny Fitsarana farany no mametraka ny synthèse rehetra ao amin'ny matière : Ny réalité ny Lalàna ny Energies.

Ny science sy ny Lalàna dia IRAY

164

Ny olombelona dia tsy jamba akory, mahafantatra izy, tsy afaka ny hihala andraikitra izy na hiala tsiny izy.

Mamela ny lalàna ahanao ny asany izahay ary mametraka ny harofanina lehibe efa hatriny ela izahay.

Izahay dia miasa araka ny haben'ny Fahazavana (éclat de la Lumière), ny Fanahy mamirapiratra ny Disciple, ilay « fanahy zanak'Andriamanitra » hanomboka hipoitra.

165

Tsy misy ny adihevitra. Fa ny fankatoavana ny lalànan'i Kristy avy hatrany na ny fitsapana ao amin'ny kristy izay mitoetra ho Mpanjaka lehibe. Ny Zavamarina.

Izay olona F'Anahy velona ao amin'ny Kristy dia ho afaka amin'ny fihiritreretana ny zavatra ny tany intsony ka handray ny fampitahana mihitsy raha tsy ny zavatra avo an'Andriamanitra : le Roi – Le Maître – La loi de l'Origine.

Ny asa ao amin'ny tsy hita maso sy subtil dia mandeha irery, ny Fahavononana tanteraka ao amin'ny F'Anahy mahaolona dia lasa fianana ao amin'ny heritreritra rehetra sy eo amin'ny foto-pisainana maha olona (personnalité), ny fomba fijery zavatra sy fandraisana izany, ny asa hatao, ny fandaharam-potoana.

Ny heritreritry ny fotoana

Ho jerentsika izany rahampitso. Napetrakintsika eo hanoloan'ny safidiny ny zanak'olombelona : ny F'anekena Andraikitra.

Miteny amin'ireo manana F'Anahy mahaolona aho izay izy ireo no mandray vatana olombelona , na lahy na vavy eo amin'ny tsingerimpiaianany na incarnation marobe niainany.

Ny F'Anahy – Anjely no mandray azy ireo mandritra ny expérience azy ireo sy ny fihakarany (élévation).

29.12.2015

Ny heritreritrany fotoana dia tafiditra ao anaty ny tantaran'ny olombelona, ny marina, ny tantaran'ny tany ao anaty ny cosmos, ny fandaminan'Andriamanitra.

Ny F'inoana (FOI) dia asan'ny F'Anahy mahaolona avy amin'ny maha zanak'Andriamanitra. Ny Fahafaoizantena (conviction) dia tsy avy amin'ny saina akory, avy amin'ny « cellulaire » izany.

Ny Saina tsotra (mental inférieur) no mametraka sakana, hanakona ny marina, ny Tetiharana an'Andriamanitra teo ampiandohana.

Ny ady dia efa tonga izao, eo ambaravarany ny Fo, ny varavarany Matière – F'Anahy masina mahaolona.

Tsy misy afa tsy ny Fahavononana manokana avy amin'ny tsirairay no hafahan'ny varavaran'ny Herin'ny Fanahy masina mahaolona hivoa ao anaty ny heritreritra tsotra mahaolona eo amin'ny fiainana. Tokony avela hivoa foana izany varavarana izany. Ny ahiahy, nyfanotaniana dia mety hampikatona io varavarana io avy hatrany.

173

Ny Disciple mpiampinga dia nahavita nifehy ny saina. Miahny ny vavahadin'ny Fo madio izy, mikajy tsara ny fahadiovan'ny heritreriny, ny fahadiovan'ny vatany, manandanja avokoa ny zavatra rehetra.

Zavatra kely fotsiny dia mety hampikorotana ny sy hiteraka akony ratsy ka mitondra onja mahery hanamaloka sy hanimba ny hazavanany Fo madio ao amin'ny Fanahy mahaolona izay hovoaloto ny zavatra ara-materialy.

174

Tsy misy toerana ho an'ny kolikoly izany mihitsy raha tena manana ny herin'ny Fahavononana ao anaty Fitiavana.

175

Ny Fahavononana no fiadiana ho entinao, ny Fitiavana no hafahana mampivelatra sy mampahomby ny Lalànan' Andriamanitra.

176

Miteny ny Lalàna foana isika isan'andro eto – Lalàna ny Univers, Lalàna ny KRISTY – Tany, Lalànan'i KRISTY Cosmique. Iray ny zavatra rehetra.

177

Tsy ny finoana na karazana fivavahana hataonao no zava-dehibe no manamarika ny fotoana fa ny asan'Andriamanitra.

178

Ny varavarana ny Fo dia tsy voarary kofehy volamena akory, avy amin'ny fiainana mifandimby no hananany lanja, ka vita tsara amin'ny hazo sarobidy. Tokana ny fanalahidy, ny Fanahy mahaolona no manana izany.

179

Ao amin'ny équilibre ny Balance, ny varavarana dia misokatra. Ny Fahavononana no miboiboika. Ny Fahavononana no manosika amin'ny asa. Ireo rehetra endrika maro miseho amin'ny fotoana no manokatra ny lalana. Tokony hivoana ny amin'izany.

180

Ny Fiadiana entin'ny Mpiampingan'i Kristy dia mihamafy andro aman'alina. Tsy misy aloka, tsy misy fangarony na dia kely aza, poti-tany na poti-by – Ny symbole sy Réalité.

Voahodidina famantarana maro ianareoizay mitombo isan'andro raha vao mihatrika ady mafy eo amin'ny fiainana aranofo (vie matière) ianareo, na ao anatin'ny na ivelany.

Ny Masom-panahy mahaolona dia mifoha ao anaty ny asan'Andriamanitra . Tsy misy sisintany mihitsy eo amin'ny fiainana ara-panahy sy ny fiainana ara-materialy.

Ny firindrana dia tanteraka avy amin'ny famerimberenana : Fanamafisana ny fiadina sy haro, mandrafitra ny vatana hisehoana, mitoetra ao anaty ny cellule divin, mampihatra ny fepetra ny famirapiratana ny hasin'ny fahazavana.

Ny fampiharana ny Fahavononana tsy nisy fampivoarana sy fanadiovana ny Fo ho amin'ny asan'i Kristy dia tena endrika ny fampianarana théorique avy amin'ny endrika aranofo fotsiny, ny saina no mitondra ny fianjeran'ny Mpiampinga amin'izany. Izay rehetra endrika kolikoly dia mety hakasika ny Fo avokoa.

Hikatona ho azy ny varavaran'ny Fo raha vao miseho izany ka ho voaloto ilay Joyau divine.

Izahay Hiérarchie Planétaire dia manana ny fomba hiarovana izany.

Ny Science des Energies, ny Lalana, dia hatsangana avy amin'ny fepetra ny centre Mamiratra ary tsy hisy hery ho afaka ny hanatona izany centre izany raha tsy mitovy aminy ihany. Hiverina ho azy amin'ny toerana niaingany avy eny ivelany ilay hery tsy mitovy , araka ny tanjany sy lanjany.

Nametraka varavarana maro izahay, ary nametraka Mpiambina ihany koa marobe.

Ny fitaovam-piadinana ny Mpiampingan'i Kristy dia ny tohatohatra ny fahazavana (escalier de lumière), Fanekena Andraikitra mandrampahafaty eo akaikin'ny Hiérarchie sy ny Maitres.

Efa niaina izany avokoa ianareo tamin'ny fiainana tany aloha. Handeha hiatrika ady ianareo, hiditra any anaty fiainana materialy, haina ny Fanekena Andraikitra (engagement) tsy misy kolikoly, ary tsy hisy mihitsy afaka handemy saina anareo ka ho handairan'ny kolikoly ianareo.

Mitondra an'i KRISTY ianareo ao anatinareo, ny Fahavononana ato amiko dia mampitombo hery izany.

Ny Fahavononana ato amiko dia nomena anareo ao anaty ny Fanekena Andraikitra.

Ny Toe-tsaina sy toe-panahy ny SL dia mikoriana ato anaty ny teny izao, ny Fitiavany, ny Fahavononany. Ny litera sy teny rehetra eto dia endrika ny Fiombonana aminareo, manefy sy mandrafitra ny Mpiampinga Disciple, misy ny Hery lehiben'i Kristy ao aminareo.

Mandray ny akon'izany avy hatrany ao amponareo ianreo, ianareo dia mifandray amin'ny « Point de Ralliement ».

Ny Ampinga (Épée) dia eo anolona anareo.

Ny mahita dia feon'ny fieritreretana (intuition), ny fahitana miserana dia fampatsahivana

Inona no atao hoe : Feon'ny fieritreretana (intuition) ?

30.12.2015

Ny feon'ny fieritreretana dia feon'ny Fanahy mahaolona, tsy afaka hiaina izany ianareo raha tsy voadio sy vonona ny handray izany ny tenanareo. Misy fomba maro no hafahana mandre izany feon'ny fieritreretana izany ary samy manana ny endrika hisehoany izany, ao anaty ny antanatohatra ny amin'ny Fifandraisana Masina amin' Andriamanitra.

Avy amin'ny asa famerimberenana tsy miato, ny Fanompoana ny asan'i Kristy, izany no manamafy ny fidirana ao amin'ny Fanahy mahaolona amin'ny conscience materialy. Tokony hiainga avy amin'ny aina ny fahenoana izany. Fitiavana – Fahavononana – Fanekena Andraikitra, ireo no TELO izay IRAY.

Ny fahadiovan'ny fiananareo no antoka voalohany.

Hiverina amin'ny teny indray aho, mamerina miteny aho, fanampiana ao anaty ny Fahatsorana sy Fahatsaran'ny Fiombonana NO ILAINA ;

Mioty ireo formules tena ilaina ianareo arakaraka ny Fihakaran'ny (élévation) Fanahy mahaolona anareo ary hiverina hamaky ity boky ity indray iananareo ka hianantra izany ianareo.

Ny boky soratako dia fampianarana. Hanome hery Disciple maro izy ity. Izany boky izany no lalakombana sy zanatohatra handehanana.

Ny famakiana matetika ireo boky ireo dia mandrafitra ny lalana hizaran'ny Fanahy mahaolona sy ilay Mahazanak'Andriamanitra anareo (Monade), ny Olo-Masina no mitarika sy mitondra.

192

Ny Fanahy mahaolona dia vatana, ny olo –Masina dia tsy misy vatana, synthèse de la perfection, ny Fiombonana.

Ireo rehetra izay manana ny Monade (Andriamanitra ao antampon'ny loha – hazavan'Andriamanitra ao anaty) dia iray ao anaty ny famirapiratana, ao anaty ny Planin'Andriamanitra.Ireo Olo-Masina(etre divin) no manodidina an'i Kristy.Ny Fanahy mahaolona no mampitohy ny incarnation,ny Anjely no mamalyireo Olo-Masina, mandondona ao amin'ny varavaran'ny heritreritra materialy.

193

Izany no lalana mitondra amin'ny porofo, ny foibe miaina,ny famirapiratany

194

Ny sakana rehetra dia avy avy amin'ny zavatra materialy rehetra feno kolikoly isaky ny dingana

Lalovan'ny Disciple izay, misy ny ady goavana hatrehany mba hafahany mandroso sy mijoro, manantateraka ny asan'Andriamanitra.

Misy ny fotoana hatongavana amin'ny ady mivantana hifanatrehana mihitsy

Isika izao dia ao anaty ny ady ara-tsaina, izay mitaky ny handaozana tanteraka ny Fihetsempo (émotion).Izany no tanjona ny incarnation marobe lasa taloha (fahatongavana nofo taloha).

195

Miditra eo amin'ny zava-baovao ianareo izao : ny Fiainana Masina ao amin'Andriamanitra ara-tsiansa ary manamafy izany ianareo ao anaty ny fiainana ara-drariny eo aminareo, ny asa rehetra hataonareo.

196

Ny heritreritra ao aminareo no lohalarana avoaloh

Ny amin'izany.Avy amin'io no hanangananareo ny Planin'Andriamanitra izany, ny asa, izay miaraka amin'ny fanatanterahana sy ny fomba hiainanareo izay traikefa izany.

Izay Hiainan'i SL mba haseho aminareo ny lalana.

Tsy afaka mihahy manokana izy amin'izany satria tsy afaka hanazava isaky ny teny mivoaka izy.

197

Ny ady dia isaky ny tokonambaravaravara ny fihetsempo sy ny saïna. Janreo dia manana ny hery rehetra afaka hiaro anareo.

Manana ny fanalahidin'izany ianareo.

198

Takaro ny fanizingizinan'i Kristy, ny fanizingizinanay tsy mijanona ho an'ny famantarana ny Ampinga Fahazavana sy ny Heriny.

Mahafantatra ny tantara ny Tany eto ianareo, ny tantaran'i Frantsa, ny tantaran'i Kristy eto amin'ny taniny.

199

Izany ny vaovao an'Andriamanitra : ny fiadiana entina mandresy avy amin'ny fisainana masina an'Andriamanitra, ny Fanahy mahaolona, ary ireo rehetra mandrafitra ny Planin'Andriamanitra.

